

Ireo Zonao sy Adidinao

Ny adidinao :



Mampiroborobo ny famokarana
eo anivon'ny ankohonanao
Manaraka ny torohay
fanatsarana ny vokatra



Manaja ny fitsipika
ary tsy manapaka asa
atao amin'ny
«Asa Avotra Mirindra»

Mandray anjara
Maneho hevitra amin'ny
fivoriam-be, sy ny
fandrafetana ny
drafi-panajariana



Mandefa zanaka
hianatra



Manatona tobimpahasalamana
raha marary sy manao vaksiny
na manara-maso ny vohoka

Zonao ny mametraka fitarainana na fanamarihana ary sosokevitra raha :



Voailikilika

Misy manao
kolikoly

Tsy ampy ny
vola voaray

Tsy mifanaraka
amin'izay nifanarahana
no miseho na atao

Misy tsindry
hazolena



Fenoy ny takila
voatokana ho amin'izany,
Manatona ny tompon'andraikira
sy manampahefana

950

(Antso tsy andoavam-bola)



MPPSPF
MINISTERE DE LA POPULATION
DE LA PROTECTION SOCIALE
ET DE LA PROMOTION DE LA FAMILLE



FONDS D'INTERVENTION
POUR LE DEVELOPPEMENT

LA BANQUE MONDIALE
MONDO - TPA, GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE






Arahabaina fa misitraka ny Asa Avotra Mirindra ny tokantranonao !

80 andro isan-taona no hiasana : 40 andro amin'ny fotoanan'ny orana ka tsy mifanindry amin'ny asan'ny tantsaha, ny 40 andro kosa mialoha ny fidiran'ny mpianatra.

Amin'ny sarany **Ar 4.500**
isan'andro no anjaranao
mandritry ny :

3 Taona

Ny drafitr'asa no mamaritra ny fandaminana ny andro iasana.



Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka

5 Ora isan'andro

Mpisitraka nefo tsy miasa

Manamarina fa ao anatin'ny lisitry ny mpisitraka izy.
* voakasik'izany ireo tokantrano
tsy manana olona 18-65 taona afaka miasa



Mpisitraka sady mpiasa

Manatanteraka ny voalaza ao amin'ny drafitr'asa. Izany hoe **miasa 5 ora isan'andro** amin'ny fotoana efa voatondro sy nifanarahana ary manaraka ireo fiofanana voalaza.

Raha tsy tonga miasa na miala antsitra-po ianao dia inona no hitranga ?

Tsy tonga miasa: mifanaraka amin'ny isan'ny andro niasana ny vola raisina.

Tsy isan'ny mpisitraka: esorina tsy ho isan'ny mpisitraka ireo tsy tonga miasa mihoatra ny 10 andro misesy (tompon-toerana sy mpisolo toerana vonjimaika) Esorina koa ireo mameetraka fialana.



Ahoana ny fandraisana ny vola ?

in-droa isaky ny 40 andro

Ar 90 000 aorian'ny fahafolo andro niasana,
ary ny faharoa miakina amin'ny isan'andro nahatongavana niasa



Ento ny karatra Asa Avotra Mirindra,
ny kara-panondro sy ny kara-pokontany rehefa handray vola



Ny zonao mpisitraka :



Mandray karama mifanaraka amin'ny andro niasana



Mahazo torohevitra momba ny fanjarian-tsakafo (Toby FAFY)



Mahazo ireo fitaovana zaraina maimaimpoana ho an'ireo manatrika fiofanana



Hahazo fanentanana handefa zaza hianatra



Hahazo fanentanana mahakasika ny fizahana sy fitsaboana eny amin'ny tobimpahasalamana (CSB)



Misitraka fiofanana maimaimpoana mahakasika lohahevitra maro



Hametraka fitarainana raha tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny miseho eny an-toerana